


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fandraisan'Andriamanitra Andraikitra

Masina aho



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Eo amin'ny dingan'ny fanamasinana, toy ny amin'ny dingana rehetra amin'ny fanavotana, ny fandraisana andraikitra voalohany dia an'Andriamanitra, fa tsy an'ny olona. Izany dia manomboka amin’ny fisafidianan’Andriamanitra antsika, izay natao tany amin’ny mandrakizay. Ao aorian'izay, dia toy izao manaraka izao ny filaharan'ny zava-mitranga amin'ny fotoana:

- Manomboka mitaona antsika ny Fanahy Masina;
- Misintona antsika hiala amin'ny lalana malalaka mankany amin'ny fandringanana Izy (jereo ny Matio 7:13) izay narahintsika (jereo ny Matio 7:13);
- Mitondra antsika mifanatrika amin'ny fahamarinana Izy, dia i Jesosy Tenany mihitsy (jereo ny Jaona 14:6);
- Izy no manome antsika finoana mba hinoana ny fahamarinana; ary,
- Amin'ny alalan’ny finoana ny fahamarinana, no hidirantsika mankany amin'ny famonjena.

Ao amin’ny Efesiana 2:8, dia nanoratra i Paoly fa amin’ny finoana no hamonjena antsika. Nampahatsiahy antsika izy avy eo fa tsy avy amintsika izany finoana izany; fa fanomezana avy amin’ny Fanahy Masina. Amin’io heviny io, dia azontsika atao ny mamaritra ny fanamasinana ho “fanokanana ho an’Andriamanitra”. Amin’ny toe-javatra maro, ny dingana amin’ny fanamasinana dia manomboka efa hatramin’ny ela be talohan’ny hahafantarantsika manokana an’Andriamanitra. Samy nohamasinina tao an-kibon-dreniny ny apostoly Paoly sy ny mpaminany Jeremia (jereo ny Galatiana 1:15; Jeremia 1:5). Nanomboka nanokana antsika ho Tenany Andriamanitra efa hatramin’ny ela be talohan'ny nahafantarantsika izany.

> “[Isika] araka ny fahalalana rahateo, izay an’Andriamanitra Ray, amin’ny fanamasinan’ny Fanahy, ho amin’ny fanarahana sy ny famafazan’ny ran’i Jesosy Kristy.” (1 Petera 1:2)

© 2008 - Dries Du Plessis

Ny safidin'Andriamanitra, natao tany amin'ny mandrakizay, dia mifototra amin'ny Fahalalany mialoha— tsy misy kisendrasendra na oviana na oviana izany. Ny Fanahy Masina dia mitaona antsika hitokana ho amin’ny toerana iray mifanandrify amin’ny fitakian’i Kristy, avy eo dia manome antsika fahasoavana hankato ny filazantsara. Rehefa mankatò isika, dia hofafazana amintsika ny ràn’i Jesosy. Hitantsika ao amin’io andalan-teny ao amin’ny 1 Petera io fa ny fandraisana andraikitra voalohany amin’ny dinganan’ny fanamasinana dia avy amin’Andriamanitra, fa tsy avy amin’ny olona, ary ny Fanahy Masina no voalohany miasa amin’izany dingana izany.

Misaotra Anao, Tompo, fa niantso ahy lanao. Ambarako fa avy amin’Andriamanitra ny fandraisana an-tanana, safidiny izany, natao tany amin’ny mandrakizay — ary tsy kisendrasendra izany. Masina aho. Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★
Fandikana: WD-B097-207-MLG
Nohavaozina farany: 02 Nov 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

